USAID
AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA

RANO WASH

# FITAOVANA HO ENTINA MAMPITA NY FANABEAZANA ARA-BOLA HO AN'NY MPANENTANA VOAMAMI*



**Vondron'Olona An-toerana miara-MAnao tahiry sy MIfampindram-bola**

CARE · CRS Catholic Relief Services · WaterAid · BushProof · Sandandrano

USAID
AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA

RANO WASH

# TONDRO PEJY

TOROLALANA MOMBA NY FAMPIASANA NY BOKY ........ 1
TETIANDROM-PAMOKARANA ........ 2-3
TETIANDRON'NY VIDIM-BOKATRA ........ 4-5
TETIANDRON'NY FIDIRAM-BOLA ........ 6-7
TETIANDROM-PANDANIANA ........ 8-9
TETIANDRON'NY TAHIRY ........ 10-11
MANAOVA TAHIRY ........ 12-13
MANAOVA TAHIRY VONJY TAITRA ........ 14-15
TANJONA ARA-BOLA ........ 16-17
MANAOVA TETI-BOLA ........ 18-19
NY VOLAKO SY NY VOLAN'NY HAFA ........ 20-21
SEHATRA FANDRAHARAHANA ARA-BOLA ETO AMIN'NY FARITRA ........ 22-23
TOLOTRA SY NY FILANA ARA-BOLA ........ 24-25

care CRS CATHOLIC RELIEF SERVICES WaterAid BushProof SANDANDRANO

USAID
AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA

RANO WASH

# TOROLALANA MOMBA NY FAMPIASANA NY BOKY FANABEAZANA ARA-BOLA HO AN'NY MPANENTANA VOAMAMI

## NY MOMBA NY BOKY AMIN'NY ANKAPOBENY

Ny tanjon'ito boky ito dia ny hanamorana ny fampitan'ireo mpanentana VOAMAMI ny fanabeazana ara-bola eny anivon'ireo VOAMAMI izay miaraka miasa aminy. Ny tanjon'ny fanabeazana ara-bola dia ny hampitombo sy hanatsara ny fahaizan'izy ireo mitantam-bola. Tafiditra ao anatin'ny paik'adin' ny tetik'asa RANO WASH ny hahatonga ireo mpanentana VOAMAMI ireo ho matihanina.

## MISY KARAZANY ROA NY PEJIN'NY BOKY :

Ny pejy misy sary na tabilao : natao ho hitan'ireo mpikambana VOAMAMI izay hanaovana ny fifampizarana mba hahazahoany an-tsaina ny dingana arahina sy ny tanjona tratrarina mikasika ny fanabeazana ara-bola.

Ny pejy misy ny FANONTANIANA na TARI-DRESAKA sy ny LESONA TIANA hampitaina : manampy ny mpanentana VOAMAMI ireo fanontaniana mba hanamora ny fanehoan-kevitra sy fandraisana anjaran'ny mpikambana afahany miroso any amin'ny fahaiza-mitantana ara-bola. Tsy voatery raisina antsoratra ny valinten'ireo mpikambana. Ny mpanentana VOAMAMI dia afaka mametraka fanontaniana hafa hanamora ny fahatakaran'ny mpikambana ny hevitra tiana ampitaina.



care CRS CATHOLIC RELIEF SERVICES WaterAid BushProof SANDANDRANO

USAID
AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA

RANO WASH

# TETIANDROM-PAMOKARANA

## INONA NO HITANAREO EO AMIN'NY SARY ?

**Valiny andrasana:** Sarin'olona na tantsaha iray mieritreritra ny asa famokarana ho hataony

## HAZAVAO NY HEVITRAREO ?

## *INONA NY SAKANA TSY NAHAVITANA MANAO TETIANDROM-PAMOKARANA ?*

**Valiny andrasana:** nanao ihany fa tsy natao antsoratra hatramin'izay

## INONA NY LESONA AZONAREO RAISINA ?

**Valiny andrasana:** Tena ilaina ny tetiandrom-pamokarana hanatsarana ny safidy eo amin'ny karazam-pamokarana atao


**LESONA AMPITAINA:** Ny tetiandrom-pamokarana dia fomba iray hahafahan'ny tokatrano iray mamaritra mazava ireo sehatr'asa famokarana hampidi-bola ho azy ao anatin'ny taona iray.



care CRS CATHOLIC RELIEF SERVICES WaterAid BushProof SANDANDRANO

USAID
AVY AMIN'NY
VAHOAKA AMERIKANA

RANO WASH






care CRS CATHOLIC RELIEF SERVICES WaterAid BushProof SANDANDRANO

# TETIANDRON'NY VIDIM-BOKATRA

## INONA HITANAREO EO AMIN'NY SARY ? Azavao kely hoe ?

**Valiny andrasana:** sarin'olona mipetraka mieritreritra ny fotoana mety sy mahatsara ny fivarotana ny vokatra.

## HAZAVAO NY HEVITRAREO ?

## *INONA NY SAKANA TSY NAHAVITANA MANAO TETI-ANDRO NY VIDIM-BOKATRA ?*


**Valiny andrasana:** fantatray ilay izy fa tsy dia noeritreritrana mihitsy hatramin'izay dia lasa mivarotra vokatra amin'ny fotoana maharatsy ny vidim-bokatra foana izahay

## INONA NY LESONA AZONAREO RAISINA ?

**Valiny andrasana:** Raha mivarotra ny vokatra amin'ny fotoana fiakaran'ny vokatra dia ratsy foana ny vidiny, afa-tsy ny trondro sy ny vary aloha

**LESONA AMPITAINA:** Ny atao hoe tetiandron'ny vidim-bokatra dia fikajiana ny fotoana tsara ivarotana ny vokatra mba hahabetsaka araka izay azo atao ny vola miditra ao amin'ny tokantrano iray

AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA



# TETIANDRON'NY FIDIRAM-BOLA

## INONA NO HITANAREO EO AMIN'NY SARY ?

**Valiny andrasana:** sarin'olona mipetraka mieritreritra sy mikajy ny fidiram-bolany

## HAZAVAO NY HEVITRAREO ?

### *INONA NY SAKANA TSY AHAVITANA MANAO TETIANDRON'NY FIDIRAM-BOLA ?*

**Valiny andrasana:** manao ihany izahay fa ataonay amin'ny ankapobeny fotsiny ilay izy fa tsy miditra amin'ny antsipirihany sady tsy mijery ny mahatsara ny vidim-bokatra izany izahay.

## INONA NY LESONA AZONAREO RAISINA ?

**Valiny andrasana:** ilaina tokoa ny mikajy sy mieritreritra tsara ny fotoana mahatsara ny fidiram-bola arakaraka ny famokarana hatao.

**LESONA AMPITAINA:** Ny atao hoe tetiandron'ny fidiram-bola dia fikajiana ny fidiram-bolan'ny fianakaviana iray ao anatin'ny taona iray. Mety miovaova ny fidiram-bola arakaraka  ny vidim-bokatra ka tsara ny mahalala izany mialoha.

USAID
AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA

RANO WASH






care
CRS CATHOLIC RELIEF SERVICES
WaterAid
BushProof
SANDANDRANO

# TETIANDROM-PANDANIANA

## AZONAREO AZAVAINA AMINAY VE  NY ZAVATRA HITANAREO EO AMIN'NY SARY ?

**Valiny andrasana:** sarin'olona mieritreritra sy mikajy ny fandaniana ataony

## HAZAVAO NY HEVITRAREO ?

## *INONA NY SAKANA TSY NAHAVITANA NANAO TETIANDRO NY FANDANIANA ?*

**Valiny andrasana:** nanao ihany izahay hatramin'izay fa natao tamin'ny ara-keviny tany fotsiny fa tsy dia niditra amin'ny antsipirihany.


## INONA NY LESONA AZONAREO RAISINA ?

**Valiny andrasana:** tena ilaina ny manao an'io tetiandrom-pandaniana io mba hanatsarana ny fitantanam-bola ao antokatrano.

**LESONA AMPITAINA:** Ny atao hoe tetiandrom-pandaniana dia ny fikajiana sy faminavinana ireo famoaham-bola rehetra ho an'ny tokatrano iray ao anatin'ny taona iray.

USAID
AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA

RANO WASH






care
CRS CATHOLIC RELIEF SERVICES
WaterAid
BushProof
SANDANDRANO

AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA

# TETIANDRON'NY TAHIRY

## AZONAO AZAVAINA AMINAY VE NY ZAVATRA HITANAO EO AMIN'NY SARY ?

**Valiny andrasana:** sarin'olona mieritreritra sy mikajy ny tahiry tiany hatao

## HAZAVAO NY HEVITRAREO ?

## *INONA NY SAKANA TSY NAHAVITANA MANAO TETI-ANDRO NY TAHIRY ?*

**Valiny andrasana:** manao ihany izahay fa ohatra ny tsy dia tena maty paika tsara

## INONA NY LESONA AZONAREO RAISINA ?

**Valiny andrasana:** tena ilaina ilay manao tahiry mba hanatsarana ny fitantanambola ao antokatrano

**LESONA AMPITAINA:** Ny atao hoe tetiandron'ny tahiry dia fomba ho entina mikajy ny fotoana mampety ny hanaovana tahiry arakaraka ny fidirambola sy ny tanjona tian'ny tokatrano iray ho tratrarina.

USAID
AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA

RANO WASH




| Tombom-barotra | Fandaniana ao an-tokatrano | Tahiry | Tahiry tsotra | Tahiry vonjy taitra |
|---|---|---|---|---|
| 100 | 70 | 30 | 21 | 9 |



care CRS CATHOLIC RELIEF SERVICES WaterAid BushProof SANDANDRANO

USAID
AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA

RANO WASH

# MANAOVA TAHIRY

## AZONAREO AZAVAINA AMINAY VE NY ZAVATRA HITANAREO EO AMIN'NY SARY ?

**Valiny andrasana:** sary olona mieritreritra ny fomba hanaovany tahiry

## HAZAVAO NY HEVITRAREO ?

## *INONA NY SAKANA TSY NAHAVITANA MANAO TAHIRY ?*

**Valiny andrasana:** ny tena marina rehefa misy ny vola dia mba manao tahiry amin'ny tany na biby fiompy na vokatra izahay.

## INONA NY LESONA AZONAREO RAISINA ?

**Valiny andrasana:** ilaina ny manao tahiry mba hahafahana manatsara ny fitantanam-bola ao antokatrano

**LESONA AMPITAINA:** Ny atao hoe tahiry dia vola natokana avy amin'ny tombombarotra, ho tehirizina hanatrarana tanjona fampivelarana ny fiainan'ny tokatrano iray.



care® CRS CATHOLIC RELIEF SERVICES WaterAid BushProof SANDANDRANO

USAID
AVY AMIN'NY
VAHOAKA AMERIKANA

RANO WASH






care CRS CATHOLIC RELIEF SERVICES WaterAid BushProof SANDANDRANO

# MANAOVA TAHIRY VONJY TAITRA

## AZONAREO AZAVAINA AMINAY VE NY ZAVATRA HITANAREO EO AMIN'NY SARY ?

**Valiny andrasana:** sary olona mieritreritra ireo voina tampoka rehetra

## HAZAVAO NY HEVITRAREO ?

## *INONA NY SAKANA TSY NAHAVITANA MANAO TAHIRY VONJY TAITRA ?*

**Valiny andrasana:** tena tsy mba mpanao an'izany tahiry vonjy taitra izany izahay hatramin'izay.

## INONA NY LESONA AZONAREO RAISINA ?

**Valiny andrasana:** tena ilainay ny manao tahiry vonjy taitra mba hialana amin'ny fitrosana any amin'ny mpampanjanambola raha misy ny voina tampoka

**LESONA AMPITAINA:** Ny atao hoe tahiry vonjy taitra dia ampahany amin'ny tahiry natokana hitsinjovana ny voina tampoka.

USAID
AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA



USAID
AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA

RANO WASH

# TANJONA ARA-BOLA

## AZONAREO AZAVAINA AMINAY VE NY ZAVATRA HITANAREO EO AMIN'NY SARY ?

**Valiny andrasana:** sarin'olona mieritreritra sy mametraka tanjona

## HAZAVAO NY HEVITRAREO ?

## *INONA NY SAKANA TSY NAHAVITANA NAMETRAKA TANJONA ARA-BOLA ?*

**Valiny andrasana:** ohatra ny tsy dia tena mahazatra anay tantsaha loatra ity fametrahana tanjona ara-bola ity

## INONA NY LESONA AZONAO RAISINA ?

**Valiny andrasana:** tena ilaina ny mametraka tanjona ara-bola mba ho mazava tsara sy ho tsara ny fitantanam-bola ao antokatrano

**LESONA AMPITAINA:** ny atao hoe tanjona ara-bola dia famaritana sy fikajiana ny vola natokana ho ampirimina na akajiana mba hanatrarana tanjona iray ho fampivelarana ny fiainana.



care CRS CATHOLIC RELIEF SERVICES WaterAid BushProof SANDANDRANO

USAID
AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA

RANO WASH






care

CRS
CATHOLIC RELIEF SERVICES

WaterAid

BushProof

SANDANDRANO

USAID
AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA

RANO WASH

# MANAOVA TETI-BOLA

## AZONAREO AZAVAINA AMINAY VE NY ZAVATRA HITANAREO EO AMIN'NY SARY ?

**Valiny andrasana:** sary na olona mamolavola teti-bola

## HAZAVAO NY HEVITRAREO ?

## *INONA NY SAKANA TSY NAHAVITANA MANAO TETI-BOLA ?*

**Valiny andrasana:** misy kely ihany ny teti-bola ao antokatrano fa tsy dia misy fitanana antsoratra mazava

## INONA NY LESONA AZONAREO RAISINA ?

**Valiny andrasana:** rehefa manao teti-bola dia mila mampitombo ny vola miditra ary mampihena ny fandaniana


**LESONA AMPITAINA:** ny atao hoe manao teti-bola dia fandaminana ny vola miditra , ny fandaniana ary ny tahiry ho hatao ao anatin'ny taona iray.



care CRS CATHOLIC RELIEF SERVICES WaterAid BushProof SANDANDRANO

USAID
AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA

RANO WASH






care
CRS
CATHOLIC RELIEF SERVICES
WaterAid
BushProof
SANDANDRANO

USAID
AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA

RANO WASH

# NY VOLAKO SY NY VOLAN'NY HAFA

## AZONAREO AZAVAINA AMINAY VE NY ZAVATRA HITANAREO EO AMIN'NY SARY ?

**Valiny andrasana:** olona mieritreritra ny hindrambola any amin'ny rafitra mpampindram-bola

## HAZAVAO NY HEVITRAREO ?

## *INONA NY SAKANA TSY NAHAVITANA MANAO FINDRAMAM-BOLA TAMIN'IREO MPAMPINDRAM-BOLA MADINIKA ?*

**Valiny andrasana:** tena matahotra izahay nohon'ny antony maro, taratasy, antoka, fitakiana trosa sns.

## INONA NY LESONA AZONAREO RAISINA ?

**Valiny andrasana:** ilaina ny mindram-bola fa mila matotra tsara mampiasa ilay vola nindramina

**LESONA AMPITAINA:** Ny atao hoe vola samborina dia volan'ny hafa ( Olon-tsotra , mikraofinansy , banky ) natao ho ampiasana mba hiteraka tombony mandritra ny fotoana voafetra. Aorian'ny fe-potoana nifanarahana, ny reni-vola dia tsy maintsy averina amin'ny tompony miaraka amin'ny zana-bola sy ny sarany rehetra izay nifanarahana tamin'ny fampiasana io vola io.


BANKY
MIKRAOFINANSY
?

# SEHATRA FANDRAHARAHANA ARA-BOLA ETO AMIN'NY FARITRA

## AZONAREO AZAVAINA AMINAY VE  NY ZAVATRA HITANAREO EO AMIN'NY SARY ?

**Valiny andrasana:** sarina karazana mpampindram-bola maromaro

## HAZAVAO NY HEVITRAREO ?

## *INONA NY SAKANA TSY NAHAVITANA  MANAO FANADIHADIHANA IREO MPANDRAHARAHA ARA-BOLA MISY EO AMINAREO ?*

**Valiny andrasana:** ny fomba fandraisan'ireo rafitra mpampindram-bola ireo raha vao mahita hoe tantsaha no hanontany azy , tsy mahazo valiny mahafa-po.

## INONA NY LESONA AZONAREO RAISINA ?

**Valiny andrasana:** Afaka manao fanadihadiana izahay raha tsara ny fandraisana anay

**LESONA AMPITAINA:** Ny atao hoe mpandraharaha ara-bola dia ireo rafitra mpampindram-bola toy ny banky na mpandraharaha ara-bola madinika izay manome karazana tolotra fisamboram-bola afahan'ireo tantsaha mampitombo ny vola azony ampiasaina.

USAID
AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA

RANO WASH






care CRS CATHOLIC RELIEF SERVICES WaterAid BushProof SANDANDRANO

# TOLOTRA SY NY FILANA ARA-BOLA

## AZONAREO HAZAVAINA AMINAY VE NY ZAVATRA HITANAREO EO AMIN'NY TABILAO ?

**Valiny andrasana:** Karazana tolotra ara-bola maromaro.

## HAZAVAO NY HEVITRAREO ?

## *INONA NY SAKANA TSY NAHAVITANA NAMPIFANDRAY NY FILANAREO ARA-BOLA AMIN'IREO TOLOTRA ARA-BOLA MISY EO AMINAREO ?*

**Valiny andrasana:** ny tahotra hiditra any amin'ireny rafitra mpampindram-bola ireny

## INONA NY LESONA AZONAREO RAISINA ?

**Valiny andrasana:** tokony azo atao ny mampifandray ny filana ara-bola amin'ireo tolotra ara-bola misy eny amin'ny faritra.

**LESONA AMPITAINA:** Ny atao hoe tolotra ara-bola dia ireo karazana tolotra omen'ireo rafitra mpampindram-bola , ny filana ara-bola kosa dia ireo filana avy amin'ny olona izay tsy ampy ao aminy ka ilainy ho fenoina amin'ireo tolotra ara-bola misy eny antoerana.

## Fomba fampiasa ireo tolotra ara-bola misy

| Tolotra ara-bola | Tahiry | Findramam-bola | Fiantohana | Kaonty fikirakira | Fandefasam-bola sy fandoavam-bola |
|---|---|---|---|---|---|
| Filana ara-bola | • Mariazy<br>• Tolotra ao amin'ny VOAMAMI<br>• Tampoka : aretina, fahafatesana<br>• Lanonam-pianakaviana samihafa<br>• Saram-pianaran'ny ankizy | • Vola hanangana tetikasa<br>• Fitaovana : sarety, sompitra, kibota, sns…<br>• Trano na tokotany<br>• Fananganana trano | • Ara-tsosialy : fitsinjovana ny fiterahana<br>• Fitsaboana<br>• Fahafatesana<br>• Loza fahaverezana<br>• Loza ara-boajanahary : cyclone, tondra-drano, horohoron-tany | • Vola kojakojan-tokantrano : hofan-trano, bazary, akanjo, saran-dalana.<br>• Kaonty fidiran'ny karama na fisotroan-dronono | • Fandefasam-bola mankany amin'ny havana<br>• Fandefasam-bola mankany amin'ny zanaka<br>• Fandraisam-bola<br>• Fandoavana ny saran'ny JIRAMA<br>• Fandoavan-ketra |